FIANTSOANA
TOMPON'ANDRAIKITRA EO ANIVON'NY DISTRIKA (TAD)

Ny Tetikasa SCORE (Suivi-Citoyen par les OSC de la transparence et la redevabilité dans l'Education) dia mikendry ny fanamafisana ny fandraisana andraikitry ny firaisamonim-pirenena eny ifotony sy ny FEFFI amin'ny fanaraha-maso sy anatsarana ny fangaraharana sy tamberinandraikitra amin'ny fampiasana ny enti-manana amin'ny tolotra fanabeazana fototra.

Amin'ny ankapobeny, ny tanjon'ny Tetikasa SCORE dia **« manamafy ny fandraisana andraikitra sy fahaiza-manaon'ny FEFFI sy ny firaisamonim-pirenana isan'ambaratongany amin'ny fanaraha-maso sy fanatsarana ny fangaraharana sy tamberinandraikitra eo amin'ny tolotra fanabeazana fototra».** Mba ho fanatanterahana izany eny anivon'ny distrika iasan'ny tetikasa dia miantso ireo tanora monina eny anivon'ny distrika vonona hitondra ny anjara birikiny ny tetikasa SCORE. Izy ireo no antsoina hoe Tompon'Andraikitra eo anivon'ny ny Distrika na koa hoe TAD.

Iraka iandraketan'ny TAD

Ny TAD dia mandray anjara amin'ny fanatsarana ny fangaraharana sy tamberinandraikitra eo amin'ny fanabeazana fototra ao amin'ny distrika iasan'ny tetikasa, izy no mandrindra sy manaramaso ny fanatanterahana ny tetikasa eo amin'ny lafiny fanentanana sy fanabeazana, fanaraha-maso ary ny haitaky sy fitarainana amin'izany.

Fepetra takiana

Ny tomponandraikitra fanarahamaso distrika na TAD dia tsy maintsy mahafeno ireto fepetra ireto :

- Mipetraka eo amin'ny renivohitry ny distrika iasana ;
- Tsy mpikambana anaty antoko politika ;
- Nandalo ny kilasy famaranana farafaharatsiny;*
- Mpikambana anaty fikambanana
- Mahafantatra tsara ny andraikitry ny firaisamonimpirenena ;
- Resy lahatra amin'ny fanatsarana ny tolotry ny fanabeazana fototra eto Madagasikara ;
- Vonona hirotsaka antsitrapo ho fanatsarana ny fanabeazana eo amin'ny faritra misy azy ;
- Manana traikefa amin'ny fanentanana sy fanetsehana ny mpisehatra eny ifotony ;

- Manana fotoana natokana ho amin'ny fiarahamiasa amin'ny tetikasa SCORE;
- Mahafehy ny NTIC : sms, facebook, internet.

Entanina manokana ny fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny tanora, ary ireo olona manana fahasembanana

Distrika voakasika : AMBOASARY, BETROKA, BEKILY, TSIHOMBE, BELO SUR TSIRIBIHINA

Alefaso amin'ny Adiresy mailaka **scoregpe@gmail.com** ny **: Taratasy mombamomba ny mpirotsaka antsitrapo** (CV), **taratasy maneho ny fahavononana**. Ny fara-fandraisana ny antotantratasy dia ny **Alahady 24 Jolay 2022.**